“Hitohy hatrany ny fitsapana ho an’ny mpino, na lahy na vavy, eo amin’ny fiainany sy ny zanany ary ny fananany, mandra-pihaonany amin’I Allah, ary tsy hisy ota intsony eo aminy”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : “Hitohy hatrany ny fitsapana ho an’ny mpino, na lahy na vavy, eo amin’ny fiainany sy ny zanany ary ny fananany, mandra-pihaonany amin’I Allah, ary tsy hisy ota intsony eo aminy”.

[Tsara] [Notantarain'i Al-Tirmizì sy Ahmad]

Milaza ny Mpaminany (S.A.W) hoe : Ny loza sy ny fitsapana dia tsy misaraka amin'ny mpanompo lahy sy vavy, eo amin'ny tenany toy ny fahasalamany sy ny vatany, eo amin'ireo zanany toy ny aretina sy fahafatesana na tsy fanajan'ny zanaka, na hafa ankoatr'izany,eo amin'ny hareny, toy ny fahantrana, ny fanjavonan’ny varotra, ny halatra, ny fitotonganan’ny fivelomana, ary ny fahasahiranana eo amin’ny asa fivelomana, mandra-pamafan'I Allah ny fahotany rehetra amin'ny alalan'izany fitsapana izany, ka rehefa mihaona amin’I Allah izy dia efa voadio ny fahotana rehetra vitany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3159